




# MALAZA

Lah. 14 / Jolay 2019 / [www.atd-quartmonde.org](http://www.atd-quartmonde.org)

## Savaranonando

Tamin'ny fanaovana tatitry ny Université Populaire Quart Monde no nihaonako tamin'i Naina. Hoy izy tamin'ny volana Desambra raha niresaka ny lohahevitra mikasika ny kolontsaina : *"ny kolontsaina no fomba amolavolana ny olona ara-batana sy aratsaina araka ny fomba amam-panaony : ny famorana, ny famadihana, ny fomba fandevenana sy ny kabary ary ny mozika... Ny kolon-tsaina no mandrafitra ny firenena iray sy mampiaivaka azy amin'ny hafa ary mampisongadina azy"*

Hoy Amélie manazava *"taona maro i Naina no andrin'ny Université Populaire"*, mandray anjara mavitrika amin'ny fanomanana sy fihaonana izy ary mitondra hevitra tena mampiaiky na inona na inona lohahevitra.



Bruno DULAC DN



Naina

Nandao antsika i Naina ny 9 Jiona tamin'ny faha-32 taonany. Na mbola tanora aza izy dia mpikambana mavitrika, nahatoky sy tsy nivadika tamin'ny ATD Quart

Monde nandritra ny 25 taona! Ankizy mpamaky boky tao amin'ny BDR araka ny voalaza tamiko. Midika izany fa mbola 7 taona izy dia efa tato amin'ny Fikambanana ary tsy niala tato mihitsy. Mbola 16 taona izy dia efa nantana BDR, anisan'izany ireo zanaky ny fianakaviana mpifindra monina avy teny amin'ny Lalamby. Anisan'ny mpamorona ny sehatrasa tao amin'ny Fikambanan'ny tanora izy, nandray anjara tamin'ny tanjon'ny taona arivo fahatelo ho amin'ny Fampandrosoana (OMD) ary anisan'ny solontena nitondra ny tatitra tany amin'ny Firenena Mikambana tany New York tamin'ny 2013.

Tian'ny olona rehetra manodidina azy sy tena nankasitran'izy ireo tokoa i Naina. Amin'ny fandoazan'ny mpikambana tena mirotsaka an-tsehatra sy am-pahatsorana amin'ny ady amin'ny fahantrana lalina toy izao ny Fikambanana dia manao veloma izany namana tsy foy izany.

## Fitsangantsanganana fanitaram-pahalalan'ny tanora

Nanatontosa fitsangantsanganana ho fanitaram-pahalalana teny amin'ny toeram-pialamboly Vohitriniaina, Vontovorona ny ekipa mpanentana vakiboky an-kalamanjana sy TAPORI ny 4 Janoary 2019. Fanaovana tombanezaka ireo atrikasa natao nandritra ny taona 2018 sy fifankahafantarana bebe kokoa ary fandraisana ireo mpanentana vaovao no tanjona tamin'izany. Tamin'ny alalan'ny dihy, hira sy lomano no niarahan-dry zareo naneho ny fifampizaràna, sy ny hafaliany. Tamin'io fotoana io koa no niarahan'ireo mpanentana ireo nankalaza ny tsingerintaonany ka nomarihiny tamin'ny fifampizaràna mofomamy izany.



## Fiofanana ho fandalinana sy famantarana misimisy kokoa ny Fikambanana

Tanora 5 no nanomboka fiofanana ny Alatsinainy 7 Janoary 2019 ka ny tanjona dia mba handalina sy hamantatra misimisy kokoa ny toe-tsaina sy ny fiainam-pikambanana. Tamin'ny fotoanan'ny sakafo antoandro iarahan'ny ekipa isan-kerinandro no nandraisany azy ireo. Niara-nandray anjara tapak'andro isan'andro tamin'ny asa rehetra ataon'ny ekipa izy ireo mandritra ny enim-bolana andalovany ao amin'ny tranon'ny Quart Monde na ny atrikasa mivantana izany na ny fanovozam-pahalalana. Lucas Rodwell no mpiahy azy ireo mivantana



### Ireo mpamantatra ny Fikambanana 5 sy mpamantatra ny firotsahana an-tsitrabo 1

## Fiofanan'ny mpanentana



Niatrika fiofanana toy ny fanao mahazatra tao amin'ny trano Quart Monde ireo mpanentana ny ankizy ato amin'ny Firohotana ATD Quart Monde ny Alahady 17 Marsa 2019. Ny tanjona dia fanaingana azy ireo hirotsaka bebe kokoa sy hanaitaitra ny fahaiza-mamorona ary hanamafy ny firaisan-kinan'ny tarika. Tonga maro izy ireo mba handalina sy hanovo fahalalam-baovao. Natomboka tamin'ny fifampizaràna vaovao sy atrikasa ny fotoana. Notohizina tamin'ny fijerena horonan-tsary fohy momba ny famakiam-boky an- kalamanjana

na tany New-York, Etats-unis, ka samy nasaina hilaza izay nanaitra azy sy ny lesona notsoahiny tamin'izany ny tsirairay. Avy eo dia nanao asa isam-bondrona mikasika ny firotsahana, rehefa avy nihaino ny fijoroana ho vavolombelona nataon'i Hanitra mpiandraikitra ny tranomboky Clic-ATD Quart Monde Antohomadinika mikasika ny firotsahany. Ny tapak'andro hariva indray, dia nifampizara fahaiza-manao asa tanana hampanaovina ny ankizy sy hirahira fanentanana ankizy kely ireo mpanentana ireo. Nandranto fahalalana sy traikefa vaovao ireo mpikatroka ireo nandritra iny tontolo andron'ny Alahady iny.

## Fampahafantarana voalohany ny Fikambanana

Nanao fivoriana voalohany ho fampahafantarana ny Fikambanana ny ekipan'ny mpirotsaka an-tsitrabo niaraka tamin'ireo mpiana-draharaha sy ny namana mpiara-dia ny Asabotsy 23 Marsa 2019 tao amin'ny CEG Antanimena. Ny tanjona dia ny hampahafantatra ny Fikambanana sy ny atrikasany amin'ireo olona efa nandre na efa nanatrika vanim-potoana nokarakarainy ka te hahafantatra misimisy kokoa. I Arsène, namana mpiara-dia no nivaofy ny hevitra fonosin'ny "loqo", i Zoé kosa izay namana mpiara-dia ihany koa no nanentana. Bruno, mpirotsaka an-tsitrabo no namelabelatra ny tanjon'ny Fikambanana. I Ana sy ireo mpiana-draharaha kosa no nilazalaza ny sahanasa rehetra atao ao. Ireo rehetra ireo dia notarafina avy tamin'ny fijoroana vavolombelon'ireo fianakaviana mpikatroka roa avy ao Antohomadinika dia i Voahirana sy i Hanta izay nilazalaza ny firotsahany niaraka tamin'ny Fikambanana. Nandritra ny fifanakalozan-kevitra dia nisy iray tamin'ny olona nasaina, mponina ao Antohomadinika niteny hoe: "Efa ela no nahafantarako ny Fikambananareo satria mandalo eo akaikinay foana ianareo fa noheveriko hoe tsy mahakasika ahy izany. Izaon'ny efa dia tsapako fa manintona ahy ny asa ataonareo. Nanohina ahy ny fijoroana vavolombelona sy ny tantara kely natao teo. Manana Fikambanana kely mpanadio tanàna eo amin'ny kartie iasanareo koa izahay, noho izany afaka miara-miasa isika satria mitovy tanjona". Taorian'io fampahafantarana voalohany io dia tsikaritry ny Firohotana ATD Quart Monde fa hay misy olona mitovy tanjona aminy sy mirotsaka an-tsehatra toa azy ka azo ametraham-pitokisana amin'ny fiaraha-miady amin'ny fahantrana sv fanoherana nv fahantrana lalina



Tantara tsangana

## "Raha ny Trano fonenana mendrika no atao vain-dohan-draharaha"



Fivoriana fanomanana UP

"Trano fonenana mendrika ho an'ny rehetra": izay no lohahevity ny "Université populaire" ny Asabotsy 30 Marsa 2019, teny amin'ny tranon'ny Fikambanana teny Ambohibao. Vory teo daholo ireo voakasik'izany: ny fianakaviana mpikatroka ato amin'ny Firohotana, indrindra ny avy eny Andramiarana izay rava trano, ny solontena avy any amin'ny Ministeran'ny Fanajariana ny tany, ny Toeraponenana sy ny Asa vaventy ary ireo tompon'andraikitra ao amin'ny ENDA mikasika ny:

"Trano fonenana mendrika" Ny tapak'andro maraina dia nifampizara ny olany tamin'ny alàlan'ny tantara tsangana ny fianakaviana mpikatroka mpikambana ao amin'ny UP. Ny tena noresahin'izy ireo dia ireo fanontaniana 3 izay nofakafakainy nandritra ny iray volana. Nitondra fanazavana mikasika ny politikan'ny firenena momba ny fananan-trano tamin'ireo olona rava trano ny tompon'andraikitra iray avy ao amin'ny Ministera. Nanasa ireo fianakaviana te-hahazo trano na te-hanavao izany kosa ny tompon'andraikitra iray avy ao amin'ny Fikambanana ENDA mba ho tonga any amin'ny biraony miaraka amin'ny ATD Quart Monde hijerena izay vahaolana mety homena azy ireo. Nohararaotin'ny fianakaviana mpikatroka ny fahatongavan'ny solontenan'ny Ministera teo, nilazany ny faniriany te hahazo tany hahafahany hisitraka ny zony amin'ny fananana trano fonenana mendrika. " Vonona handeha aho raha toa ka afaka hamboly sy hiompy ary misy sekoly hianaran-janako"

## Fitsangantsanganana anitaram-pahalalan'ireo tanora

Nandray ny tanoran'ny ATD Quart Monde Antsirabe ny 29, 30 et 31 Marsa 2019. Miisa 95 miaraka amin'ny mpiandraikitra ry zareo tamin'ity fitsangantsanganana anitaram-pahalalana goavana ity. Ny tanjona dia ny hampahafantatra azy ireo ny toerana manantantara eto Madagaskara, toy ny farihin'i Tritriva, ny gara malaza ao Antsirabe ary ny orinasa mpamokatra maro ao. Nahafahan'ireo tanora ireo nizara traikefa toy ny "cirque" sy asa tanana tamina Fikambanana hafa toy ny "Grandir Dignement" koa io fotoana io. Ry Masera ao amin'ny Notre Dame de Fatima no nampiantrano azy ireo. Nahafinaritra tokoa ny fandraisana satria efa voaomana tsara avokoa ny zava-drehetra teo am-pahatongavana:



ngavana: ny trano, ny fandriana, indrindra indrindra ny toerana. Voaraka tsara ny fandaharam-potoana, hendry tsara koa ny tanora ka tsy nanano-sarotra ny fandaminana ary tsy nisedra olana ny mpiandraikitra. Namirapiratra ny hafaliana ny endriky ny tanora nandritra iny faran'ny herinandro iny. Afa-po ny sofina sy ny maso. Ho an'ny sasany dia vao sambany no nahitany ny tanàna tompon'ny resaka rano. Tamim-pirahalaliana sy fifanajana tanteraka no nanatontosana izany. Hoy ireo tanora rehetra ireo : "**Amin'ny fo feno hafaliana no isaoranay ny Fikambanana ATD Quart Monde sy ireo mpamolavola iny fitsangantsanganana iny**"

## " Ataoko ity noho ny fitiavako ny zanako sy ny sy ny fahadiovan'ny Kartie "



Asa vadi-drano

Nahavory olom-pirenena maro ny fahadiovana faobe natao ny Asabotsy 13 avrily 2019. Niaraka tamin'i Lamine mpirotsaka an-tsitrabo sy ireo tanora nanao fiofanana hamantatra misimisy kokoa ny Fikambanana. Nanamarika ny fanombohan'ny asa goavana fanamboarana ny lalankely ao amin'ny vakim-paritra faha-2 ao Antohomadinika io fahadiovana io. Nainoa ny antson'ny mpanomana miara-miasa amin'ny Fikambanana hafa miasa eo amin'ny faritra ny ankamaroan'ny mponina. Samy nanao ny ainy tsy ho zavatra sy nirotsaka an-tsehatra ny tsirairay mba hitandrovana ny fananana iombonana. Hoy ity renimpianakaviana iray:

: « Mandray anjara maimaim-poana aho. Raha nokaramaina aho nanao an'io dia tsy nanao. Ataoko ity noho ny fitiavako ny zanako sy ny fahadiovan'ny Kartie ". Hoy koa ny iray: "taloha nadio ity kartie ity sady nandray anjara tamin'ny fahadiovana avokoa ny olona"

## Fikarohana nandraisan'ny rehetra anjara ny lafiny miafina amin'ny fahantrana

Nandritra ny efitra taona no niarahan'ny ATD Quart Monde sy ny Oniversiten'i Oxford (Grande Bretagne) nanao fikarohana momba ny lafiny miafina amin'ny fahantrana, tamina firenena enina (Bolovie, Bangladesh, Tanzanie, Frantsa, Grande Bretagne, Etazonia). Nivondrona ireo olona tena mahantra sy ireo matihanina amin'ny lafiny ara-tsosialy, ary ireo mpandranto fahaizana eny amin'ny Oniversite tamin'ny fampihao-nany ny fahalalan'izy ireo amin'ny maha-mpikaroka azy. Ny tanjona moa dia nane-hoana ny ambaindain'ny fahantrana tsy idiran' ny lafiny ara-bola. toy ny hoe : tsy asiana lanjany nv ezaka atao. heverina ho tsv maha-velona



ny zanany, odiana tsy fantatra, tsy henoina, tsy voahaja ny zony, ambanimbiana amin'ny asany, heverina ho manantena fanampiana fotsiny ets. Naseho tamin'ny famelabelaran-kevitra natao ny 10 Mey 2019 tamin'ny OCDE (Organisation de Coopération et de Développement Economiques) tao Paris ny vokatr'ireo asa ireo

## Baolina kitra ifanaovan'ny samy Fikambanana



Les joueurs d'ATD Quart Monde

Nandray anjara tamin'ny baolina kitra nifanaovan'ny samy ONG ny tanoran'ny Firohotana ATD Quart Monde nanomboka ny 13 avrily. Tamin'ny andro voalohan'ny fihaonana dia nandresy ny ekipan'ny MANDA tamin'ny salan'isa 1-0 izy ireo Raha io no mitohy dia antenaina fa ho tompondaka amin-dry zareo samy mpifanandrana ny tanoran'ny ATD Quart Monde. Amin'ny 13 jolay 2019 izao izy ireo no hiatrika ny lalao famaranana ka ny VSOS no ekipa hifandrana aminy.